TATITRA

FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY

DINGANA FAHA FAHA 4

Firenena: Madagasikara

Koaminina: Mahajanga

Daty: 05-06 Oktobra 2012

Toerana: Kaominina Mahajanga I

Mpandray anjara nandritra ny fiofanana

FIZAHAN-TAKILA

FIZAHAN-TAKILA ..... - 2 -

I - FANOLORANA ..... - 3 -

II - TANTARA..... - 4 -

III - FIZOTRY NY ATRIKASA ..... - 4 -

IV-FAHATRARANA NY TANJONA..... - 8 -

TOVANA

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA..... - 9 -

TOVANA B: FANAMARINAM-PAHATONGAVANA..... - 11 -

TOVANA D : TOMBANA ..... - 14 -

I - FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa iindroa misesy, zay notontosaina tao amin'ny kaominina ambonivohitr'i Mahajanga ny 04 oktobra ny voalohany, nanavana ny dingana 1, ary ny 08, 09 ary 10 Oktobra 2012 tao amin'ny "Hôtel du Phare" ny dingana faha 2, 3, ary ny faha 4. Ireo atrikasa ireo dia natrehan'ireo tompon'andraikitra teo anivon'ny kaominina, ny mpiandraikitra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ny polism-pirenena, ny zandarimariam-pirenena, ny sampan-draharaha-mpanjakana rehetra any amin'ny faritra, ary ireo avy amin'ny fikambanana vitsivitsy eo amin'ny tanàna.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny hampahafantarana bebe kokoa ny hevitra ijoroan'ny miralenta sy ny fampifandraisana izany eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina. Lohahevitra roa mazava no nodinihana nandritra ny telo andro:

Lohahevitra voalohany: Hevitra fototra iompanan'ny miralenta, izay nahitana ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy ary ny famaritana ny atao hoe fiheverana raiki-tampisaka.

Lohahevitra faharoa: Miralenta sy fitondram-panjakana, izay nampisongadinana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy hiditra eo amin'ny sehatra pôlitika ka tsy hitondra fanovana.

Maro ireo olona tonga namaly ny antso nandritra ity atrikasa ity indrindra fa tamin'ny dingana fahatelo: fahamoriam-bahoka ary tsikaritra fa saika hita tao avokoa ireo solon-tena avy amin'ny sehatra rehetra (Jereo Tovana A: Lisitry ny mpandray anjara)

Araky ny hevitry ny maro dia nanampy betsaka tamin'ny fahazoana ny miralenta ny atrikasa izay natao. Na ireo mpikambana avy ao amin'ny fikambanana VMLF izay nasaina aza resy lahatra fa izao vao tena fantany inona marina ny tena takiana ao anatiny ny miralenta, ny tena dikan'io teny io :

ny miralenta = toetra voajanahary sy

ny miralenta = ny fiheverana raiki-tampisaka. Porofon'izany ny valin'ny tombana izay nofintinina ao amin'ny Tovana B.

II - TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

Izao tetik'asa izao no tanteraka tao amin'ny kaominina ny Mahajanga I, dia nohon'ny fiara-miasa teo amin'ny Ministeran'ny Mponina sy Raharaha Sosialy, Ny FNUAP ary ny Gender Links. Tsara tsiahivina fa ny Kaominina Mahajanga I dia efa miara-miasa amin'i FNUAP sy ny MPAS nohon'ny fisiany CECJ amin'io toerana io.

III - FIZOTRY NY ATRIKASA

III–1-Fanokafana amin'ny fomba ofisialy

Alohan'ny nanombohan'ny atrikasa dia nisy ny fandraisam-pitenenanana nataon'ireo tompon'andraikitra vitsivitsy avy ao amin'ny Faritra sy ny Kaominina sy ny solontenan'ny Gender Links. Naneho ny fisaorana ny Gender Links Andriamatoa Lefitry ny PDS, Andriamatoa RANDRIANJOANY nisolotena ny PDS, noho ny nisafidinan'izy ireo manokana ny Kaominina Mahajanga I. Manaraka izany dia samy naniry ny hitoizan'ny fiaraha-miasa ny roa tonta.

Taorian’ny fanokafana ofisialy dia novelabelarina avy hatrany ireo tanjona tiana ho tratrarina mandritra ny telo andro ary ny fandaharam-potoana mifandraika amin’izany.

III–2-Fampiasana sy fampiharana

Natomboka tamin’ny fampahafantarana ny fifanarahan’ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa. Nentina hisarihana ny sain’ny mpandray anjara dia nijery horonan-tsary iray momba io fifanarahana io ny mpandray anjara rehetra.

Notohizana tamin’ny fanavahana ny miralenta sy toetra maha lahy na maha vavy kosa ny fotoana avy eo. Rehefa nazava tamin’ny mpandray anjara ireo foto-kevitra ijoron’ny miralenta dia nojerena akaiky ireo fiheverana raiki-tampisaka izay matetika miteraka fanavakavahana eo amin’ny fiaraha-monina.

Nandritra ny lohahevitra faharoa kosa dia nodinihana bebe kokoa ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy handray anjara eo amin’ny sehatra politika sy fitanatanana. Nisongadina tamin’izany koa ireo sakana avy amin’ny toetran’ireo vehivavy mihintsy toy ny hoe : mora mitsoka an-daharana raha vao misy ny olana.

Hita nandritra ny atrikasa fa nandray anjara mavitrika avokoa ireo mpandray anjara indrindra ny vehivavy mitazona toerana politika na ry zareo avy ao amin’ny VMLF, na teo amin’ny asa isan-tarika na teo amin’ny fifanakaloza-kevitra.

III–3-Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Anisan'izany ny:

Momba ny fiheverana raiki-tampisaka

Miorim-paka tokoa ny fiheverana raiki-tampisaka ateraky ny fomba amam-panao eto amin'ny faritra Boeny. Hita taratra izany tamin'ireo fandresen-dahatra tamin'ny mpitondra teo amin'ny Kaominina. Ny fieveran'ny manam-pahefana isan-tsokajiny fa raha vao miresaka miralenta dia resa-behivavy izany, ka izay vehivavy miara-miasa aminy no alefa isolotena azy. Teo koa ny fanontaniana samihafa napetrak'ireo lehilahy izay tonga nanatrika ny atrik'asa. Tsapa fa tena miorom-paka lalina ny fomba amam-panao amin'io faritra io.

Hita taratra izany rehetra izany nandritra ny fampiarana ka namoahana ireo tononkira, horonan-tsary, fomba fitenenanana izay hita fa manome vahana ny raiki-tampisaka. Noho izany dia matetika ny vehivavy dia hanakinana ny anjara asa rehetra momba ny tokantrano toy asa ao an-tokantrano, ny momba ny ankizy nateraka, sns fa ny lehilahy kosa no natao handray andraikitra eo amin'ny firenena sy hitondra ny vola ao an-tokantrano. Tsikaritra ihany koa ny fiheverana raiki-tampisaka eo amin'ny fomba fijerin'ny firaha-monina Malagasy ny lehilahy sy ny vehivavy. Ohatra amin'izany ny fandraisana ny hoe: "akoho vavy tsy maneno", misy antokom-pinoana tsy manome sehatra ny vehivavy amin'ny lafim-piainana rehetra.

Eo amin'ny fampandraisana anjara ny vehivavy:

Maro ihany koa ireo olana hita fa manakana ny fidiran'ny vehivavy eo amin'ny sehatra politika. Notsinganina tamin'izany ny:

Ny tsy fahatokisan-tenan'ny vehivavy sy ny tsy fahasahiana.

Ny tsy fahampian'ny fanofanana sy fahaizana.

Havitsin'ny vehivavy efa hita eo amin'ny sehatra politika.

Tsy fahampian'ny fanentanana eny ifotony.

Tsy fahampian'ny fotoana

Ambany ny taham-pahalalan'ny vehivavy (taux d'alphabétisation et niveau d'instruction) raha hoarina ny amin'ny lehilahy.

Ny fahitana ireo mpanao politika voarohirohy eny amin'ny fitsarana.

Vaha-olana natolotra

Fampirisihana ny tovovavy handrato fianarana

Tsy maintsy hialana ny vohoka aloha loatra, vohoka maro loatra, vohoka misesy loatra

Fanentanana sy fampirisahana ny vehivavy handray anjara eo amin'ny raharaham-pirenena amin'ny alalan'ny fampidirana azy ireo amin'ny Fikambanana na vondrona politika iray.

Fanofanana ny vehivavy

Fitiavana hamihina samirery ny fahaiza-manaony ka tsy mampivelatra.

Fidinana an-tsehatra, eny anivon'ny fokontany

Nandritra ny lohahevitra faharoa ihany koa no nahafahana nahafantatra ireo filana misy eo amin'ny kaominin'i Mahajanga I manokana.

Ireo filana maharitra mila paikady ao amin'ny Kaomina Mahajanga I

Na dia maro aza ny foto-drafitrasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana dia tsapa ihany koa fa tsisy fiantraikany amin'ny vehivavy ny fivoarana ara-teknolojia, ny VIH/SIDA, ny planning familiale

Amin'ny maha toerana be mpitsidika azy, dia miroborobo tokoa ny sehatry ny fivarotan-tena, ary maro amin'izy ireo o zaza tsy ampy taona (8 taona). Matetika dia ny ray aman-dreny mihintsy no mamporisika. Ilaina noho izany ny fampianarana ny ray amandreny.

Ny tsy fahampian'ny fialam-boly hoan'ny tanora vehivavy ka mirona any amin'ny boîte de nuit.

Betsaka ny mpifindra monina, indrindra ny avy any amin'ny faritra Atsimo.

IV-FAHATRARANA NY TANJONA

- Niampy ny fahalalan'ireo mpandray anjara momba ny fifanarahana eo amin'ny FAA.
- Azon'ireo mpandray anjara ny foto-kevitra iompanan'ny miralenta
- Manana ny fahavononana ny hampiatra ny miralenta eo amin'ny kaominina ireo mpandray

V-IREO FANAMBY

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta
- Fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaomina
- Fanentanana ny vehivavy mba handray anjara amin'ny fampandrosoana

Tovana A: FANDAHARAM-POTOANA

Fandaharana :STAGES 4

Toerana: Kaominina Andrenivohitry Mahajanga

Daty : 08, 09, 10 Octobre 2012

Ora	**Fandaharana**	**Iza?**
	08 Oktobra 2012	
08:30-09:00	Fandraisana ireo mpijaika	
09:00-09:45	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy : Fanazavana ny tetik'asa « Ivotoerana mendrika. » sy fanazafana ny fiaraha-miasan'ny GL, FNUAP, PNUD Lahateny Fanaovan-tsonia ny fiaraha-miasan'ny GL sy kaominina Fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny atrik'asa	
Pause café		
10:00-10:30	Famenoana ireo fanontanina : GMDC Etudes des attitudes Quiz	GL
10:30-12:30	Fanolorana : Fanazavana sy filazana ireo fifanekena vita sonia iraisam-pirenena, anivon'ny ranomasim-be indianina, teto amin'ny firenena momba ny miralenta sy ny aty amin'ny herisetra Fanontanina /valiny	GL
Sakafo		
14:00-14:30	Fanolorana : Hevitra fototra ihompanan'ny miralenta: Genre et sexe	Ny rehatra
15:15-16:30	Asa isam-baomiera momba ny fiheverana raikin-tapisaka	
Pause café		
16h 45 – 17 h	Fanintinana ataon'ny mpampiofana	
09 Oktobra 2012		
08:30-08:45	Famintinana andro 1	
08:45-09:15	Miralenta sy ny fitondram-panjakana	GL

Ora	**Fandaharana**	**Iza?**
	Mamelabelarana : paik'ady (Miditra – Mandray anjara – Fanovana)	
09:15-10:00	Atrik'asa isam-baomiera (telo)	
Pause-café		
10:15-11:00	Famintinana ny atrik'asa isambaomiera telo	Ny rehatra
11:00-11:30	Fintina	Ny rehatra
11:30-12:30	Miralenta sy ny fandravonana disadisa Famintinana ataon'ny mpampiofana	Ny rehatra
Sakafo		
14:00-14 :30	Filana fototra sy filana maharitra mila paik'ady	Ny rehatra
14:30-15:30	Fiaraihana ara-toe-karena : Miralenta sy ny toe-karena Teti-bola	Ny rehatra
15:30-16:30	Herisentra (VBG)	
Pause café		
16h 45 – 17h	Famintinana ataon'ny mpampiofana	
10 Oktobra 2012		
08:30-10h	Herisenta (VBG)	
08:45-10:00	Herisenta (VBG)	Ny rehatra
	Pause-café	
10h 15- 12h 15	Fiovaovan'ny toe-trandro Fanazavana ny dingana manaraka	
12h 15 – 12h 30	Tombana	
	Sakafo	
14h – 16h 30	Fidinana eny ifotony ho fahampahafantarana ny finanarahan'ny FAA	
16h 30- 17 h	**Fanalana hetaheta**	

Tovana B: FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

Dingana: faha 3 sy faha 4
Firenena: MADAGASIKARA
Toerana:Mahajanga
Daty: 8,9 10 Octobre 2012

N°	Anarana sy fanampiny	Lahy (L)/Vavy(V)	Kaominina	Andraikitra	Téléphone	E-mail
01	**Rakotovao Hanitra Sylvie**	V	Mahajanga I	Coordinatrice CDEF/CECJ	033 14 878 25	cdemajunga@yahoo.fr
02	**Sylvain Angelina**	V	Mahajanga I	FAWE	032 46 844 41	ange.sylvain@yahoo.fr
03	**Rasoamalandy Rosalie**	V	Mahajanga I	DREN Boeny	032 55 789 55	yoannkaile@rocketmail.com
04	**Rabeson Rosalie Aimée**	V	Mahajanga I	Représentant DSRP Boeny	032 43 869 25	rosalierabeson@yahoo.fr
05	**Zamany Jacky Olivier**	L	Mahajanga I	Adjoint District	032 52 106 08	
06	**Marotia Emile**	L	Mahajanga I	Dir santé et affaires sociales CUM	033 07 143 28	
07	**Rasamiarimanana Charles M.**	L	Mahajanga I	Cisco Mahajanga I	032 55 979 71	rasamy.tassy@gmail.com
08	**Rajaonarivelo Philippe**	L	Mahajanga I	Resp genre DRPAS Boeny	032 42 407 47	
09	**Rasolondrazana Justin**	L	Mahajanga I	Adjoint au Chef SPPSE Police	032 24 451 49	

N°	Anarana sy fanampiny	Lahy (L)/Vavy(V)	Kaominina	Andraikitra	Téléphone	E-mail
				Nationale		
10	**Hoasy Solange**	V	Mahajanga I	Médecin Resp SR/DRS Boeny	032 04 013 53	solange.vero@yahoo.fr
11	**Judith Rakotovao**	V	Mahajanga I	Journaliste RTA/AJM	032 80 720 15	
12	**Ramanantenasoa Madeleine**	V	Mahajanga I	Journaliste	032 45 611 18	voavonjy19@yahoo.fr
13	**Rafarasoa Marie Thérèse**	V	Mahajanga I	Médecin Pdte VMLF	032 07 546 81	rdndrfara@yahoo.fr
14	**Zafimahova Vanessa**	V	Mahajanga I	Journaliste	032 11 001 02	zafivan@yahoo.fr
15	**Ramoraveloarisoa Bakolijosa**	V	Mahajanga I	Présidente VMLF	032 42 713 49	Bakolijaonary@yahoo.fr
16	**Soavindrazana Mercie Eloi**	L	Mahajanga I	Secrétaire DGAT Boeny	032 76 031 12	
17	**Ramarolahy Hervé Aimé**	L	Mahajanga I	Chef secrétaire	032 60 428 76	
18	**Rabakolinandrianalivaosolo Voahirana**	V	Mahajanga I	Chef de service BAS CUM	032 70 870 63	voahiranalydia@yahoo.fr
19	**Papisy Ialfine**	V	GL	Représentante	032 05 771 18	madalocalgvt@genderlinks.za
20	**Kidja Marie Francine**	V		Formatrice GL	032 04 065 35	kidjafrancine@yahoo.fr
21	**Ndeha Sylvain**	L	Mahajanga I	PDS	032 42 076 26	
22	**Rasoarimampionona Lalao B.**	V	Mahajanga I	Directeur de Cabinet	033 37 401 14	menjabeny@yahoo.fr

Tahan'isa:

VAVY	14	64%
LAHY	8	36%
TOTALINY	**22**	**100 %**

Tovana D : TOMBANA

Lahy/Vavy	☐ Lahy 7 ☐ Vavy 11					
Firenena	Madagasikara					
Kaominina	Mahajanga					
Taona	12 - 17 ☐0	18 -30☐ 3	31- 40 ☐ 5	41 - 50☐ 5	51 – 60 ☐ 5	60 + ☐
Fianarana	Ambaratonga voalohany ☐	Ambaratonga faharoa ☐ 4	Oniversite ☐ 12	Fanofanana ara-kasa ☐ 2	Fampianarana olon-dehibe ☐	

	Naoty /10
1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny	**8,9**
2. Ny votoatin'ny fandaharana	**8,38**
3. Tahirin-kevitra nampiasaina	**8,22**
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	**8 ,27**
5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)	**8,15**
6. Vokatra azo	**8,44**
7. Fanajana ny fandaharam-potoana	**7,33**
8. Fahalalana azon'ny mpiofana	**8,05**
9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana	**7,72**
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)	**8,22**

Inona tamin'ny fandaharana no tena nahaliana anao? Antony?

- Miralenta sy ny fitondram-panjakana.
- Ny Fahafantarana marina ny dikany teny hoe miralenta sy ny antony hilana azy.Ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro eo amin'ny miralenta satria miankina amin'io ny fampandrosoana ataon'ny lahy sy ny vavy.
- GMDC – gestion de conflit – VBG
- Amin'ny ankapobeny dia nahaliana ahy daholo satria saika misy zavatra tsy fantatra isaky ny fandaharana ka nahazoako zava-baovao.

Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina? Antony?

- Tsy misy satria nilaina daholo
- Ilaina daholo fa misy ny important kokoa.

Ahoana ny fomba ampiharanao ireo fahalalana azonao teto amin'ny fiofanana?

- Ampihariko amin'ny asako ary ampita amin'ireo mpiara-miasa amiko.
- Eny amin'ny fiarahamonina, ao anaty fikambanana ary am-piasana
- Mandray anjara, mizara, manentana ny vehivavy

- Manomboka ao an-tokatranoko aho no hampihatra azy.
- Eo amin'ny fiainana sy andavanandro ampidirana foana ny solomaso miralenta.
- Amin'ny sehatra rehetra
- Amin'ny alalan'ny fanentanana

Fanamarihana hafa :

- Ataovy matatika jusqu'à tena mahazo vokatra misongadina be.
- Changement climatique et genre no tokony hidirana lalina kokoa.
- Merci pour l'atelier
- Tokony jerena ny « pérennisation »
- Tokony hatsaraina ny motivation des participants
- Ampitomboina ny saran-dalana
- Rehefa misy fiofanana atrik'as dia tokony hasiana horonan-tsary mampisongadina ny "objectif" sy ny "thème"
- Zaraina "certificat" ny mpiofana aorian'ny fiofanana
- Tokony itarina bebe kokoa na ny "cibles" na ny "zone".